



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-158EX

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2021**

Fivoriana faha-6
Natao ny
Zoma 13 Aogositra 2021
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Zoma 13 Aogositra 2021, tamin'ny 6 ora sy 25 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantanika.

Miarahaba antanika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izao.

langaviana ampanajana, Ramatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana mampiato izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana
sy ny Didim-panjakana laharana faha-2021-820 -**

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2021-820:

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

DECRET N°2021-820

Portant clôture de la session extraordinaire du Parlement

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019, portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2020-070 du 29 janvier 2020, modifié et complété par les décrets n°2020-597 du 04 juin 2020 et n°2020-997 du 20 août 2020, portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n°2021-748 du 21 juillet 2021, portant convocation du Parlement en session extraordinaire;

Vu les lettres n°172-2021/SENAT/P du 13 août 2021 et n°153-AN/P/2021 du 12 août 2021, informant le Premier Ministre, Chef du Gouvernement de l'épuisement de l'Ordre du Jour de la session extraordinaire du Parlement.

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,
En Conseil des Ministres,

DECRETE

Article Premier –la session extraordinaire du Parlement est déclarée close le 13 août 2021.

Article 2 –en raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

Article 3 -le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de l'Aménagement du Territoire et des Travaux Publics, le Ministre de l'Industrie, du Commerce et de l'Artisanat sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, 13 août 2021

Par le Président de la République,

ANDRY RAJOELINA

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika, Ramatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana teo.

Arak'izay voalaza teo, feno ny fepetra ahafahana mamarana izao fotoam-pivoriana tsy arapotoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Andriamatoa Mediatoran'ny Repoblika;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany tan-dalàna;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena miahny ny Zon'olombelona;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka misolo tena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ianareo Mpandraharaha namana, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena tarihan'Andriamatoa Sekretera Jenrally;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Ianareo olom-boafidy manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana araka ny laharam-boninahitrareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Antitraterina hatrany ny arahaba ho antsika rehetra satria vao tsy ela akory izay no nifampitaona teto. Koa finaritra aby ragnandria, mbola tsara antsika jiaby.

Misaotra sy mankatelina anareo tsirairay avy.

Miarahaba manokana koa ny Faritra vaovao, tsy iza izany fa ny Faritra Vatovavy, izay teraka soamantsara ny Alarobia 11 Aogositra lasa teo, araka ny fampanantenan'ny Filohampirenena hajaina, Andriamatoa Andry RAJOELINA.

Tamin'io andro io ihany koa no nanolorana fisaorana tamin'ny fomba ofisialy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Miarahaba an'Andriamatoa Filoha hajaina tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny maha tomponandraikitra ambony azy satria fotoanany rahateo izao, araka ny efa natsidiny tamin'ny tafa nataony tamin'ny vahoaka Malagasy ny Alahady lasa teo.

Etỳ ampiandohana, tsy hay ny tsy hankasitraka manokana ny Solombavambahoaka izay nahefa hatramin'ny farany ny adidy natrehana teto, nandritra izay 11 andro tsy ankiato izay. Tsy ankiato tokoa ny asa satria nivory sy nandinika hatrany ireo volavolan-dalàna naroso teto isan'andro isika, ary voahaja tanteraka araka ny fitsipika sy ny dingana voafaritry ny lalàna ny fandaniazany azy tsirairay avy.

Manoloana izay indrindra, volavolan-dalàna niisa dimy no tonga tao amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena ka lany avokoa izy ireo. Ny iray tamin'izany ihany no nasiampanitsiana niisa roa.

Lany teto izany volavolan-dalàna rehetra izany, ny fahaiza-mampiasa azy arak'izay antony efa voafaritry no sisa andrasana. Mamerina hatrany izahay Solombavambahoaka, araka ny efa nambaranay tamin'ny fotoam-panokafana izao fatom-pivoriana tsy ara-potoana izao, fa miandry ny fampiasana sy ny fitantanana ireo vola ireo ao anatin'ny mangarahara ny vahoaka. Manantena ihany koa ny vahoaka fa hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainany ny asa hataon'ny Mpanatanteraka amin'ny fampiasana ireo volabe ireo, satria ny itondrana sy ny vahoaka manontolo no hiantoka ny famerenana ireo vola notrosaina ireo ka tsy tokony hisy tombo sy hala ny mpisitraka izany. Mbola ilaina ve ny mampahatsiahy fa samy manana ny maha izy azy ny Distrika 119 mandrafitra ny Faritra 23 eto amin'ny Firenena. Heverina fa tsy azo hiodivirana amin'izany ny fanamboarana ny lalam-pirenena sy ny Route d'Intérêt Provincial na ny RIP, izay handrandrain'ny vahoaka Malagasy rehetra, ary mitaky izany ombieny ombieny ny Solombavambahoaka.

Ho an'ny Governemanta hasiam-panovàna ho avy eo, mahay ianareo ka tsy hatoro ary mahafantatra ka tsy ampahalalana, fa manoloana ny fiantraikan'ny "Pandemie Covid-19" mafy loatra dia mila mifandrindra an-dalana amin'izany ny fitsinjovana manokana ny sosialim-bahoaka sy ny fahefa-mividy. Henontsika ny fitarainan'ny vahoaka, ka jereo arak'izay azo atao ny hanatsarana ireo lafiny ireo. Ianao Andriamatoa Praiminisitra no hitarika ny ekipa ka iantefan'izany hafatra izany voalohany.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena indray, ampahatsiahivina ihany fa mbola manaramaso akaiky ny raharaha "Apollo 21" ny vahoaka Malagasy. Tsy manadino akory izy ireo na efa mangina ny momba ny fikasana hamono ny Filohampirenena sy ny mpitondra Fanjakana ambony, fa mbola miandry fatratra ny valin'ny fanadihadiana sy ny didim-pitsarana mba hivoahan'ny marina.

Mikasika ny raharaham-pirenena ihany, hita sy tsapa ankehitriny fa samy efa mihetsika daholo ny mpanao politika rehetra. Efa manomboka mazava ny sori-dalana sy ny foto-kevity ny ankolafy politika isan-karazany:

- Ao ny milaza fa hanova paikady ary mitetika ny haka fahefana manomboka any amin'ny Fokontany ka hatrany amin'ny faratampony. Hevitra izany, ka azo aposaka satria matoa manao politika sy manangana antoko politika dia haka fahefana no tanjona. Aoka kosa anefa hiandry fifidianana fa tsy azo atao amboetra izany, ka hoteren-ko masaka toa voalobo-jaza na hatao tery vay manta hiteraka ny tsy fidiny maharary ny vahoaka. Tsy maintsy hajaina hatrany ny soatoavina demokratika sy ny tsy hisian'ny korontana eto amin'ny Firenena raha tena tia tanindrazana marina.

- Etsy andaniny, ao koa ireo maniry fiaraha-mitantana. Azo atao izany indraindray, saingy ny fitondrana tsy manana maro an'isa ao amin'ny Parlemanta no mazana miroso amin'izany. Moa ve izay no misy eto Madagasikara. Ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra ihany no tompon-teny farany amin'izany.

- Ho an'ireo izay maniry ny hanovàna ny Lalàmpanorenana, efa nazava ny hevitra nambaranay tamin'ny kabary fanokafana, raha ny momba izany.

Fehiny: Tsy kilalaon-jaza ny fianam-pirenena, fa mila dinihina tsara avokoa ny fepetra rehetra horaisina vao mandray fanapahan-kevitra araka ny tenin'ny Filohampirenena matetika hoe, manam-potoana ny zavatra rehetra. Raha ny zavatra miabo amin'izany rehetra izany, matoa ireny hevitra rehetra ireny no mivoaka dia manaporofa fa tany demokratika i Madagasikara ary mandala ny fahalalahana sy ny fahazahoana maneho hevitra ny fitondrana mijoro ankehitriny.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Araka ny tafa farany nataon'ny Filohan'ny Repoblika, efa eo ampandinihana ny tomban'ezaka amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tenany sy Andriamatoa Praiminisitra. Mino isika arak'izany fa hahazo aim-baovao ny mpanatanteraka ka hahavita hamaly ny hetahetam-bahoaka sy hanatanteraka ny velirano haigankaingana kokoa. Matoky sy manantena izahay, fa ho hita taratra ao amin'io Governemanta vaovao io ireo Solombavambahoaka mendrika amin'izany.

Efa mihamitombo hatrany koa ny fepetra hahazoana vokatry betsaka, satria efa mitosaka ny famatsiam-bola noho ny fahatokisan'ny mpamatsy vola. Mbola tsy mihontsina koa fa mari-toerana hatrany ny fitondrana noho ny fisian'ny ny maro an'isa eo anivon'ny Parlemanta. Ny fitoniana dia hiarahan'ny rehetra mikatsaka. Raha ny mbola mila ezaka betsaka, ny fampitomboana ny fitrandrahana ireo harenantsika, ary vao avy nolaniana omaly teto amin'ny Antenimierampirenena ny lalàna manangana ny "Fonds Souverin". Tsy azo adino koa ny fampivelarana sy fanatsarana ny vidim-bokatra haondrana any ivelany, izay mampikaikaika ny mpamokatra mihitsy. Ohatra amin'izany ny vidin'ny lavanila sy ny hafa tsy ho voatanisa.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mbola hasiana resaka eto ihany koa ny mikasika ny vaksiny. Ry vahoaka Malagasy, aza manaiky ho voarebirebin'ny mpanao politika isika amin'ny fanaovana vaksiny, fa ny feon'ny fieritreretanao no henoy. Ireo ny vaksiny nafaran'ny fitondram-panjakana sy nomen'ireo Firenena namana ary mpiara-miombon'antoka. Tsy an-tery ny fanaovana azy, raha tsy mazoto ny hanao vaksiny ianao dia aleo mipetraka fotsiny fa tsy manaratsy na mampihemotra ireo izay vonona ny amin'izany. Aza rabirabiana koa izay mampiasa ny CVO fa izay no safidiny, ary efa nahitana vokatry tsara izany.

Izay no ela, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Hofaranako ny lahateniko, mamerina ny fisaorana antsika rehetra naharitra nanaraka sy nihaino hatramin'ny farany. Tsy mitsahatra mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana antsika Solombavambahoaka ny tenako satria tontosa soamantsara izay nandrasana tamintsika.

Ampahany amin'ny adiditsika ihany anefa no vita, fa mbola miandry ny fanaraha-maso sy ny tombana amin'ny asa vita vokatr'ireny famatsiam-bola nankatoavintsika ireny. Aza adino hatrany ny fanaovana tatitra amin'ny vahoaka satria ny maro aminareo efa any an-toerana rahateo.

Samy tsara Tompokolahy,
Samy maivana Tompokovavy.

Mankahery koa anareo ao amin'ny Mpanatanteraka, fa rehefa be ny fitaovana sy ny enti-manana dia mitaky asa maro sy vokatra betsaka mifanandrify amin'izany ny vahoaka.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ambarako fa mifarana anio Zoma 13 Aogositra 2021 ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Eto ampamaranana, mirary soa ho antsika rehetra ary manantena fa hihaona indray isika amin'ny fotoam-pivoriana manaraka.

Samy hotahian'Andriamanitra anie isika rehetra.

Mifarana hatreto ny fotoam-pivoriansika.

Misaotra Tompokolahy;

Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona